# 17 NY ASA SORATRA: NY BOKY BINA

**LOHAHEVITRA**

- Mahafantatra ary mihanoka ny asa soratra malagasy

**LESONA HO TADIDINA**

## Ny boky BINA

**Famariparitana**

Manana ny mampiavaka azy tanteraka ny boky mitondra ny lohateny hoe ‘ BINA ‘ izay nosoratan’i Auguste RAJAONARIVELO, ahitana 117 pejy. Misy mpandray anjara telo fototra ao dia i Bina sy i Ikemba ary i Fatakamana.

Nasongadin’ny mpanoratra ao anatin’ny boky ny lanjan’ny fitiavana sy ireo olana nosendrain’ny fiarahamonina tamin’izany fotoana izany ; toy ny olan’ny tanora sy ny firaisana ara-nofo sy ny fiakaran’ny kristianisma izay hanehoany ny soatoavina maha-olona.

Marihina fa tafiditra ao anatin’ny fandaharam-pibeazana ao amin’ny T8 izy ary efa nahazo ny marim-pankasitrahana ‘ les Belles-lettres ‘ tamin’ny 1933.

**Ny fotoana nanehoana ny tantara**

- Tamin’ny fotoana tsy mbola nisian’ny lalana, fiara fitaterana
- Tao anatin’ny vanim-potoana nampiroborobo ny fivavahana kristiana sy ny fidiran’ny fandrosoana vahiny
- Nandritra ny vanim-potoana mbola nanjakan’ny fihavanana, fifampitsimbinana malagasy

**Ny habaka nilalaovana ny tantara**

- Farafangana: any atsimo-atsinanan'i Madagasika, toerana namolavola ny fahazazana sy ny fahatanoran'i Bina sy Ikemba
- Antsirabe: toerana nolalovan-dry Bina sy Fatakamana matetika rehefa hiakatra aty Antananarivo
- Antananarivo: toerana nianaran'i Bina sy Fatakamana

**Ny mpandray anjara**

- Mpandray anjara fototra:
  - Tovolahy tanora vao erotrerony i Bina satria vao 20 taona monja. Lava ranjanana izy, fotsy fihodirana ary olioly volo. Ngeza izy, nefa tsy matavy fa nofosana, matanjaka ihany koa.
  - Ikemba kosa dia tovovavy zarazara hoditra, sady tsy lava no tsy fohy. Zandrin'i Bina izy satria vao 15 taona monja. Tsara tarehy izy, maranidranitra endrika, tsara ranjo sady mitsatotsato-pamindra.

- Mpandray anjara mpanampy: maromaro ihany ireo mpandray anjara mpanampy ao amin'ity tantara foronina ity:
  - Fatakamana naman'i Bina,
  - Zozefinina mpivaro-tena teo aloha fa novain'i Bina sy i Fatakamana zana-dRamatoa Razafy
  - zazahavavy nitaiza an'Ikemba, i Raozy,
  - RABERY: lehilahy ratsy toetra, tia vola, mpanambaka ny madinika

- Ny mpandray anjara ravaka:
  - Ingahy Fara: lehilahy lehibe nahavita fianarana ho dokotera,
  - Rafotsy Renimanga: vaviantitra mpanasa lamba,
  - Menavolo sy Raleka: naman'i Bina sy i Fatakamana,
  - Ireo ray aman-drenin'i Bina sy i Fatakamana

**Famintinana ny tantara**

Ao amin'ny tanàna kely iray any Farafangana no misy an'i Bina (sady anarana iantsoana ny mpandray anjara fototra ao amin'ny tantara no lohatenin'ny tantara foronina mihitsy), tovolahy hendry sy manam-panahy ary tia fianarana izy. Nifankatia tamin'Ikemba, tovovavy tsara tarehy sy tsara taiza izy. Samy avy ao Farafangana izy ireo, ary nifankatia tokoa ka nikasa ny hivady. Tsy mbola natao anefa ny fanambadian'izy ireo, satria mbola nanohy fianarana niaraka tamin'ireo namany vitsivitsy tany Antananarivo nandritra ny herintaona i Bina. Anisani'zany i Fatakamana izay namany akaiky tokoa. Maro ny fahavalo sy ny fakam-panahy nanelingelina ny fifankatiavan'izy ireo. Anisan'izany Rabery lehilahy lehibe iray izay namorona tetika mihitsy hampiadiana azy roa. Tsy nampihontsona an'Ikemba anefa izany, fa ny hitazona ny fahadiovany mandra-panaovana ny mariazin'izy sy i Bina ihany no tanjony. I Bina no saika tsy nahatazona ny teny nomeny, fa efa nifankatia tamina tovovavy iray tao Antananarivo, dia i Zozefinina izany. Niravona ihany ny disadisa teo amin'izy roa rehefa nitadiavan'i Fatakamana vahaolana. I Bina sy i Zozefina koa dia efa nifampitondra toy ny mpianadahy. Vita ny fianaran-dry i Bina ka tsy maintsy hody izy ireo. Efa nifankatia tamin-dry i Zozefina mianaka anefa izy sy Fatakamana, ka dia ranomaso no nisarahana. Rehefa tonga tany Farafangana dia efa nomanina ny mariazin'i Bina sy Ikemba. Tapa-kevitra ny haka vady an'i Zozefina i Fatakamana, ka dia nohafarana izy mianaka hidina. Narary mafy anefa i Zozefina rehefa tonga tao Vohipeno, ka maty, ary nalevina tao. Tsy nitodi-doha niverina tany Antananarivo Ramatoa Razafy renin'i Zozefina, fa nanaraka an-dry i Bina tany Farafangana. Vita soamantsara ny mariazin'i Bina sy Ikemba. Tao Vohipeno izy no voatendry hiasa ka dia niara-nipetraka tamin'izy mivady tao Ramatoa Razafy. Nifankahita tamin-dRabery tao izy ireo. Nivady Ramatoa Razafy sy RABERY taoriana kelin'izay. Efa nanan-janaka vavy iray Rabery, Raozy no anarany ary Ibaomaria no reniny.

Nivady i Raozy sy i Fatakamana. Rehefa maty Rabery mivady, dia nomeny anjara lova toa an'i Raozy sy Ibaomaria koa i Bina sy Ikemba. Velom-pialonana noho izany anefa Ibaomaria ka namorona teti-dratsy hakana an-keriny an'Ikemba mba hanerena azy sy i Bina handa io lova io. Rehefa natao ny vela-pandrika rehetra, dia tratra Ibaomaria sy ny namany. Hita ihany Ikemba izay efa noheverin'ny fianakaviana fa efa maty. Menatra noho ny ratsy vitany Ibaomaria ka namono tena.

**SAHANASA 1**

1-Inona moa ny atao hoe lahatsoratra mitantara?

2-Manao ahoana ny singa mandrafitra ny lahatsoratra mitantara

3-Mba lazalazao amin'ny fehezanteny vitsivitsy ireo karazana lahatsoratra mitantara.

**SAHANASA 2**

Miainga amin'io famintinana ny tantara foronina Bina eo ambony io, Tahaka io ny famintinana ny tantara foronina Bina sy ny mombamomba ny boky. Miainga amin'izay rehetra izay:

1-Fariparito isaky ny sokajiny ny mpandray anjara hita ao amin'io famintinana io

2-Amin'ny maha lahatsoratra azy, farito ny fotoana hitrangan'ny tantara sy ny habaka

3-Tanisao ireo hevi-dehibe misongadina ao amin'io ampahan-dahatsoratra mitantara io.